**A NY FAHORIAN'I PAOLY. Romana 9:1-3.**

- ❖ Toa an'i Mosesy, dia naleon'i Paoly namoy ny famonjena ny tenany ho fanavotana ny vahoaka Israely. (Eksodosy 32:32).

**B MIFIDY VAHOAKA MANOKANA. Romana 9:4-13.**

- ❖ Nahoana i Paoly no sahiran-tsaina ny amin'ny vahoaka Israely? Vahoaka manokana ve izy ireo? (Romana 9:4-5)
  - — Vahoaka manokana ny vahoaka Israely satria nanana tombontsoa lehibe izy ireo. Ny lehibe indrindra amin'izany dia ny maha-toerana nahaterahan'i Mesia azy: Jesosy Kristy.
- ❖ Nahoana no nifidy ny vahoaka Israely Andriamanitra?
  - — Rehefa niresaka ny amin'i Isaka sy Jakoba i Paoly, dia nohazavainy fa tsy nisy na inona na inona manokana avy amin'izy ireo rehefa nofidin'Andriamanitra ho anisan'ny olony izy. Nofidin'Andriamanitra izy ireo satria izay no no tiany atao.
- ❖ Nandà ny Mesia ny vahoaka Israely, ka tsy nahatanteraka ny iraka nampanaovina azy. Nanao fahadisoana ve Andriamanitra tamin'ny nifidianana azy ireo?
  - — Na dia tsy nahatanteraka ny andraikiny aza ireo taranak'i Abrahama ara-nofo, dia notohizan'ireo taranany araka ny teny fikasana izany: ny Israely ara-panahy (anisan'izany isika).

**D MIFIDY VAHOAKA. Romana 9:14-18.**

- ❖ Manamafy fo ny olona sasany Andriamanitra ary mamindra fo amin'ny sasany. Tsy marina ve Izy?
  - — Fantatr'Andriamanitra mialoha ny fanapahan-kevitry ny tsirairay, koa dia afaka manambara mialoha izay ho anjarany Izy.

**E SAFIDY MANOKANA ATAON'ANDRIAMANITRA. Romana 9:19-24.**

- ❖ Manan-jo sy fahefana hifidy olona sasantsasany hanao anjara asa manokana Andriamanitra.
- ❖ Ohatra, nifidy mpanjaka sy mpaminany Izy. Nizara ny fanomezam-pahasoavana araka izay tiany Izy, araka ny anjara asan'ny mambra tsirairay ao amin'ny Fiangonany. (1 Korintiana 12:11)
- ❖ Nofidin'Andriamanitra hanao asa manokana ianao; mety ho zavatra goavambe izany, mety ho zavatra tsy dia mana-danja loatra eo imason'ny olona.

**F IZA NO FIDIN'ANDRIAMANITRA? Romana 9:25-29.**

- ❖ Israely no vahoaka voafidy kanefa nandà an'Andriamanitra izy. Noho izany, nitarin'Andriamanitra ny safidiny ho any amin'ireo izay tsy olony: ny Jentilisa. Nafindra tamin'ireo “Israely ara-panahy” ny safidy.
- ❖ Manana sisa manokana Andriamanitra izay tsy maintsy mitahiry ny fahamarinana ary mitory izany.

**G OLONA MANAO AHOANA NO FIDIN'ANDRIAMANITRA HO AMIN'NY FAMONJENA? Romana 9:30-33.**

- ❖ Mifidy ireo izay manaiky ny “fahamarinana amin'ny finoana” Andriamanitra mba ho vonjena, ary mandà ireo izay mitady fahamarinana “amin'ny asa” kosa Izy.
- ❖ “Vato” (Jesosy) iray ihany no mitondra famonjena sy fanamelohana. Lioka 20:17-18.
  - — Ireo izay mandà an'i Jesosy toy izay nataon'ny Jiosy dia ho “mongomongo.”
  - — Ireo izay potraka eo an-tongotr'i Jesosy dia tsy ho menatra, satria ho vonjena.
- ❖ Efa potraka noho ny fitiavan'i Jesosy ve ny fonao? Efa nanapan-kevitra ny hamela ny fiainanao eo an-tanany ve ianao?